# O ry Irak'Allah !, Tsy misy haratsina na koa fahotana afa-tsy hoe Nataoko avokoa, Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Tsy efa nijoro vavolom-belona fa tsy misy Tompo afa-tsy i Tompo Allah ary i Mouhammadi dia Irak'Allah va Ianao ?

Tatitra azo avy tamin'i Annas (R.A), Niteny hoe : Nisy Lehilahy iray tonga teo anatrehan'ny Mpaminany (S.A.W) Niteny ka nanao hoe : O ry Irak'Allah !, Tsy misy haratsina na koa fahotana afa-tsy hoe Nataoko avokoa, Namaly i Mpaminany (S.A.W) hoe : "Tsy efa nijoro vavolom-belona fa tsy misy Tompo afa-tsy i Tompo Allah ary i Mouhammadi dia Irak'Allah va Ianao ? " naveriny in-telo. dia Namaly Izy hoe : Eny, Niteny i Mpaminany (S.A.W) nanao hoe : " izany dia mamafa Azy rehetra izany ".
[Mari-pototra] [Notantarain'i Abo Ya'la sy Al-Tabaràni ary Al-Diya' Al-Makdisi]

Tonga Lehilahy iray teo amin'ny Mpaminany (S.A.W) ary Niteny Izy ka nanao hoe : O ry Irak'Allah, marina tokoa fa efa nanatanteraka ireo fahotana sy ny fahadisoana rehetra ny tenako, ka tsy misy navelako na kely na lehibe afa-tsy hoe nataoko avokoa izany, Ka moa ve ho hahazo famelan-keloka fona Aho ? Namaly azy i Mpaminany (S.A.W) ka Nilaza nanao hoe : Moa va tsy efa nijoro vavolombelona ianao fa tsy misy Tompo afa-tsy i Allah ary Mouhammadi (S.A.W) dia irakan'Allah ? Naverimberiny taminy in-telo izany, Ka hoy Izy Namaly hoe : Eny Mijoro vavolombelona marina Aho, Nilaza taminy i Mpaminany (S.A.W) fa ny fahasoavan'izany fijorona vavolombelona roa izany dia ny famafana ireo haratsiana, ary ny fibebana dia mamafa ireo rehetra teo aloha.



النجاة الخيرية
ALNAJAT CHARITY
لجنة الدعوة الإلكترونية
EDC E-Da'wah Committee